Fandrosoam-baovao, 22/06/32

Ny toe-tsaina tokony hananan-tsika eo ao fitiavam-boky

NOH ETO REV FB

Ny toe-tsaina tokony hananantsika eo 'amin' ny Fitiavam-boky

I

Misy vovonin-kevitra izay fandre nosoetika raha vao manomboka, ary vao mahika mipololoka avy ao ampo no sady mihalana eo anoloan ny entanina arikaraka ny fandrosoana handalina izay kely efa fantatra; dia ity : « Tsy misy afatsy hanaraviz eto an-tany, ary mpianatra avokoa na iza na iza ».

Ny rai-ma an-tsolomy izy io na tena diniina, ary na ny mpankamamy na ny mpanazimba no mitanakafaka azy ka te-hahalala izay' marina nasaminy, dia misy hahavaka ambony ihany izy. Hoy ny fametsovetson' eritreritra tsy mitadi-afatsy voka-javatra hita vatana sy azo tsaphina : « Raha marina fa finaraina fotsiny no eto an-tany, ary mpianatra avokoa ny velona rehetra, mba nizakosa no hataon-ny fandiniana, ary inona no ho valisoany ! »

Efa nahakivy olona ingro io fanontaniana io, ary mbola hahakivy olona maro hafa koa. Rahampiam-petiavana sy fahendrena anefa ny fonina famaly izy, ka atao indray mijery miaraka amin' ny toe-javatra rehetra izy fa tsy singanina manokana dia hiendaka ho azy ilay «toa marina» ifonosany.

Andrana iray monja sady t-otra : voalazan' ny teolojian' ny karazam-pivavahana rehetra eto an-tany fa tsy misy manaraka ny olona any ankoatry ny fasiny na dia fanjaitra iray aza. Tsy azo toherina izany, na dia noho izy voamarin' ny fahita andavanandro fotsiny aza ! Ny mahagaga dia izao : tsy mahasakana andRangahy itsy tsy hanao ain-tsy ho zavatra hanangon-karena izany, ary tsy mahafehy an-dRamatoa iroa hitady izao kanonkanona rehetra izao... hahafotsy ny tarehiny sy hahamena ny molony ! (Izay mahasoasoa ny fahatanoraina, hoy izy). Ny voalohany ange, mba manana ny zainany amantaranany ahay, hundova izay efa nikelezan' ny tenany aina, nefa hilaozany ao ivohon' ilay varavaram-bato.. Fa itsy faharoa kosa dia toa tena tsy mihevitra afatsy ny tenany raha jerona maika.

Inona no hevitra azonao amin' izany ? Iza no lazainao ho manana ny diso, ary iza no hotoloran' ny fitsaranao ny marina ? Moa ea tsy samy tsy manan-tsiny izy, satria samy *mahakajaksnja* zavatra ?

Atsoy indray manoliatra amin' izy roroa ireo ny asa-saina izay manovo ao amin' ny fitiavam-boky, fa sady fitsinjovana ny vodiandro ho merika io (satria fanatovenana ny mbola ho avy — tsy ho an' ny tena ihany, na ho an' ny tena ukory, fa ho an' ny taranaka mifandimby) no fanararaotana ny andro mipoaka (satria tena fikendrena koa izay son ho an' ny tena amin' ny andro ahavelomana).

Hindrana tononkira amin' i Frédéric Mistral-ika, ilay poeta provan-alyisan' ny reharehan' ny Frantsay letilie, nalindra, — ho entiemanpreto ny hevitra voalohany. Hoy izy no amin' ny **Olivados** :

« Soun mort li beu desire—Mai li couza an elanti—Soun mort li bastas-seire—Mai lou temple es bash—Vei pou bouïa—L'atrouso malagamo—Le Sant Signau es fa.

Azo adika toy izao izany : « Na dia efa maty aza ny Mpilaza-tsara — efa nikarantsana ny feony. — Na dia efa maty aza ny mpanorin-trano. — efa tafatsangana ny tempoly. — Mahazo mifaoka anio — ny tsiotra avy avaratra — fa efa voaselio ilay Marika-Masina ».

Marina izany, ary voavaly tanteraka no koa ilay fametsovetson eritreritra materialista voalaza etsy ambony, satria raha mponta-sy ny mpahay tantara hianao, dia izao no havalany : « Azo tsaina ny mpanankarena ao andro Crésus no tonga anarana hatramy amintsika ary lamin' ny andro fahagola. Ny mpisasa-sima kosa, an-jato ny maro no mbola tsy hiala eo am-b ivan' ny olombelona mandra-pahafatiny »..... « *Na dia efa maty aza ny Mpilaza-tsara sy ny Mpanorin-trano, dia efa nikarantsana ny feony, ary efa tafatsangana ny tempoly, fa efa voaselio ilay Marika Masina* ! »

Ny hanamarinantsika ny hevitra faharoa kosa dia ilay tenin' i Baudelaire hoe :

« Il est bon d'apprendre quelquefois aux heureux de ce monde, ne fut-ce que pour humilier un instant leur sot orgueil, qu'il est des bonheurs supérieurs aux leurs, plus vastes vastes et plus beaux.

Izany hoe : « Mety raha lazaina tsindrindray amin' ireo sambatra amin' ity fiainana ity, — na dia mba hampangaihay ny avonavona adalany fotsiny aza. — fa misy fiadanana hafa-ambony sy midadasika ary soa lavitra noho ny azy »

Fantsoano ireo miahotrahotra sy manahy ny vokatra ho azo kosa io, sady valinteby miayona ho an' ireo izay mionona ho azy fa tsy mba manam-bava hianoka amin' ny tantelin' ny asa saina, ka voatery hanabandy. ..angamba noho ny henatra.

II

«Voadona » ary izay aloha ilay toetsaina mampalahelo ananan' ny sasany, izay mila hampikemo amin' ny fitiavam — boky — na raha tsorina sy vantanina iza : amin' ny fitiavampianarana (satria moa « tsy misy afatsy fianarana eto an-tany » ary ny boky no isan' ny mpampianatra tonga ohatra indrindra amin' ny firenena mandroso ankehitriny.

Voasava teo ny ranonando, voazera ny tsilo aman-kery. Vao maika mihasarotra anefa ny dia, satria hamakv ala izao ! Sady tsy misy zatra na maitaka noho izao koa... Ary raha ny marina aza no lazaina dia misy hafa marobe any nahita sy lasa lavitra mihoatra noho ity zaza maroroka nasaintam-panilo androany !.

Nefa adidy natolotra ka raisina. Voninahitra nomena ka tsy atao amplaylio. Atao ambony loha izany sy izany, ary tantazana amin' ny tananaroa izay atsotra amin-tebiteby sy fanaliana fatratra eo anoloan' ny maro, sao mety handiso lalana ny iray amin' izy ireny ka haniery azy rehefa mby any amin' ny sarotra !

Satria *abidiny* ihany no hain' izandrimo tsy miambakavaka, fa ny manambatra aminy kosa : vao iananany, ary mbola hiarahamareo mianatra aminy hatreo amin' ny furan' ny fofonaimareo !

Izay mba fantany hatramin' izao angaha, no fohazavainy fohifohy... ireny indray aza : tapa-porohana nodiasiny teo amin' ilay « Afo-Marika-Masina » natelan' ny « Mpilaza-tsara sy ny Mpanorin-trano efa maty », ary « fiadanana hafa » nokatsahiny hoentimionona eo ivelan' ireo manao azy ho « sambatra amin' ity fiainana ity ».

Ny *sanatsoratra* ihany anefa no hoantsainy ; ny *renisoratra* kosa : atsony fa efa vita-Nanahary amin' ny isam-batan' olona ireny, ary miseho sy mitonona ho azy foana raha vao ilaina.

A) Tsy mandingana na manao dia maika amin' ny fitiavam-boky, fa manomboka amin' ny fiandohany.

Ny mitselaka avy hatrany manakaroa nefa tao et-y, dia tsy izy dia tsy izy tokos, fa sady mandratra izany no tsy ahatongavana amin' izay alehan. Dia toy ireny tenim-boto ireny, ka malama hafahafa eo am-bava fot-iny, fa nouy dimilina : tena mifanohitra amin' izay izy. Ny nitony ? Avy hatrany izy dia nipaka tao afovoany. Ka tsy mba mahalala izay « raha » no ampolony ao akory... Ny mody no ndiny !

E) Tsy mijanona eo antehatenany, fa mialatra hatrany.

Vitsy foana ny liazo-milonjehi-hoa tsy eny an-tendrony ; raviny fotsiny no milenodeno-a eb am-pirefarefana taka-tanana, ka anoin-tsarotra ihany-vao azo ny mamy.

Saika mihatra eto,— na dia somary lavidavitra ihany aza — ilay ohabolan' ny ntaolo milaza ny amboa sy ny embokakondro. Nahoana ? Mitien, miandalana eo an-toerana ny hery hoenti-mifikitra... Mikororosy no farany !

I) Tsy mioty izay tafo ny tena rehetra, fa misantina araka izay azo atao.

Marina fa tsy misy taho tokana manana voa mahavelona sy voa mahafaty ; zavatra fantatr' ankizy kosa anefa fa misy manta sy masaka ny voankazo iray tonontsono, ary tsy nataotao foana ilay ohatra hoe : ny mioty manta no leony !.

O) Tsy mionona amin' ny efa natelina, fa miheovitra izay ho'afy koa.

Tsy hasiantsika teny be izany, na dia izy aza no tena tokony ho fitodresaka ! Efa voalaza tatsy aloha fa sady « fitsinjovana ny vodiandro ho merika no fanararaotana ny andro mipoaka » ny fitiavam-boky, ka mazava ho azy fa ilaina dia ilaina mihitsy ny tsy hitsaharan' ny vokany eo amin' ny fahafinaretan' ny tena fot-iny.

Fanontaniana iray no aoka hapetraka sady hovinaly, ho famaranana ity resadresaka ity : « Moa azonts-ika Malagasy atao va ny mianika ny hazon' ny Fitiavam-boky, ka mioty ny vosny sy mihinana an' ireny ary mifidy izay hambolena aminy, eto amin' ity tany ity ? »

Eny ; ary manan-jara indrindra aza isika, fa zanaka sy taiz-an' i Frantsa — dia ilay tany nahafoizan' olona marobe mitovy laza amam-boninahitra amin' izay, ngeza indrindra nipoitra teto amin' izao tontolo izao.

Ny teniny — izay efa antsika koa — azo atao ny mitsentsitra sy mitelina, amin' ny alalany, izay tena batsiro sy hafa' ny Sain' olombelona tsy ankanavaka : na ny efa niverina ho vovoka izany, na tsika mbola mana dia ny tany sy izay hiriaria eto hisolo antsika.

Tsy hahalaza ny hasoan' io teny io izahay ! Efa ela—an-tsiekla maro, fa efa hatramin' ny andron' ilay 'zazavavy italiana natao hoe Christine de Pisan (1363-1415) — no efa nankilaza' ny zanaky ny firenena hafa ny lakantony.

Izao no izy raha tsorina : fanalahidy mahaibe ny tenv frantsay, ka ahazoamamoha ny tahiry rehetra. Itompoanav izany satria raha tsy nampianv izahay dia tsy ho *nahazo* mivantana, ireo boky voasoratra amin' ny teny romana samihafa, na ho nahalala pilinv keiv akory amin' ny anglôsaksôna.

Dia ho baiko môana sy tsy misy hevinv taminav ilay « Marika-Masina voaseho » hamongotra ny herin' ny « tafiotra avy avaratra » voalazan' i Mistral ! Ho olom-poana izahay, ary tsy ho mendrika ny anaran' ny velona akory !

J.-J. RABEARIVELO, O.M.M.